FILAZANA

Mikasika ny fampiharana sy fampananan-kery ny Fifanarahana eo amin'ny Fanjakan'i Maraoka sy ny Repoblikan'i Madagasikara mba ialàna amin'ny fakan-ketra indroa miantoana ary koa iadiana amin'ny fandosiran-ketra amin'ny vola miditra.

N° 091 2023 –MEF/SG/DGI

Amin'ny alalan'ity filazàna ity, ampahafantarina ny besinimaro fa ho fampiharana ny andininy faha 29 amin'ny Fifanarahana eo amin'ny Fanjakan'i Maraoka sy ny Repoblikan'i Madagasikara mba ialàna amin'ny fakan-ketra indroa miantoana ary koa iadiana amin'ny fandosiran-ketra amin'ny vola miditra dia :

- ity Fifanarahana ity dia mihatra manomboka ny faha 14 novambra 2022, datin'ny fifanakalozana fireketam-pankatoavan-dalàna eo amin'ny firenena roa tonta.
- ireo fepetra voalazan'ity Fifanarahana ity dia manan-kery manomboka ny voalohan'ny volana janoary ny taona manaraka ny fampiharana izany Fifanarahana izany, araka izay voalaza ao amin'ny paragirafy b/ amin'io andininy io. Izany hoe :

(i) Mikasika ireo hetra tanana ifotony : Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy, Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, sns..., manomboka ny 01 janoary 2023.

(ii) Momba ireo hetra tsy anaovana fitanana ifotony : Hetra amin'ny vola miditra, Hetra tambatra, Hetra Mivantana alaina amin'ny Akoranafo, Hetra alaina amin'ny tombombarotra, sns..., ho an'ny taom-piasana tsotra ara-ketra rehetra na vanim-potoana fakan-ketra na tranga rehetra miteraka antony ifotoran'ny fandoavan-ketra, manomboka na mitranga ny 01 janoary 2023.

Antananarivo, faha 2 FEB 2023

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS

GERMAIN
Inspecteur des Impôts